# LETTRE MENSUELLE

"Le Royaume des cieux est tout près de vous" Guérissez les malades, rendez la vie aux morts, guérissez les lépreux, chassez les esprits mauvais. Vous avez reçu gratuitement, donnez donc gratuitement"

BUREAU CENTRAL DE LA FPMA AVRIL 2025 N° 024




## EDITO

**« De même aussi, le Seigneur a ordonné à ceux qui annoncent l'Évangile de vivre de l'Évangile. »** (1 Corinthiens 9:14)

**Chers frères et sœurs en Christ,**

Ce verset fondateur a toujours guidé notre Église dans sa noble mission de soutenir ceux qui se consacrent à la prédication de la Parole et au soin de nos âmes. Avec foi et persévérance, nous avons progressé, malgré les défis, portés par une espérance inébranlable en la providence divine.

Lors du Synode Général en 2021, notre Église a pris une décision courageuse et visionnaire : rendre permanents ( *matihanina* ) au moins 80 % de nos pasteurs en mission au sein de nos paroisses et régions. Cette étape marquante nous a invité à une réflexion profonde sur la « Culture du Don de Soi » , valeur essentielle de notre foi et de notre engagement communautaire.

Dans Sa grâce infinie, le Seigneur a permis que la Fédération Luthérienne Mondiale (LWF) nous accorde une subvention précieuse pour soutenir nos efforts de sensibilisation à tous

# Le tombeau vide, lumière de la foi

## Jean 20, 1-10

**Frères et sœurs bien-aimés,**

**Joyeuses fêtes de Pâques à vous tous !**

Que la paix et la grâce de Dieu notre Père, ainsi que de Jésus-Christ notre Seigneur, remplissent vos cœurs en ce jour de victoire et d'espérance.

L'Évangile de Jean nous fait entrer dans le mystère de la résurrection par une phrase riche de sens : « Le premier jour de la semaine ». Cette expression nous ramène au tout début, à la Genèse, lorsque Dieu dit : « Que la lumière soit ! »

En ce matin de Pâques, une lumière nouvelle se lève. La lumière du Christ ressuscité vient dissiper les ténèbres du péché, de la mort et du désespoir. Le message de Pâques ne se limite pas à un événement local : il s'adresse au monde entier. Le Dieu créateur de l'univers invite chaque être humain à rencontrer la lumière de son Fils.

**Marie-Madeleine : une femme dans l'obscurité**

Il fait encore nuit lorsque Marie-Madeleine se rend au tombeau. Mais l'obscurité n'est pas seulement extérieure : elle habite aussi son cœur. C'est l'obscurité du deuil, de la douleur, de l'incompréhension.

Celui qui l'avait relevée et libérée n'est plus là. Elle vient pleurer près de son tombeau, pour faire ses adieux à un corps... et voilà que le tombeau est vide. Dans sa détresse, une pensée l'obsède : « On a enlevé le Seigneur. »



Elle ne voit dans ce vide qu'une absence, un vol, une injustice de plus.

Combien d'hommes et de femmes, aujourd'hui encore, peinent à voir autre chose dans ce tombeau vide qu'un signe d'absence ? Leur regard reste voilé par la douleur, le doute ou les épreuves du quotidien.

Combien de couples, de familles, de communautés sombrent dans les ténèbres de l'incompréhension, des blessures non guéries, ou de nos égos démesurés ?

**Pierre : l'élan freiné**

Alerté par Marie-Madeleine, Pierre court au tombeau, accompagné par un autre disciple. Mais c'est ce dernier, le disciple bien-aimé, qui arrive le premier.

Pourquoi ce détail ? Parce que Pierre porte encore le poids de son passé : son sommeil à Gethsémani, son triple reniement... Son pas est ralenti.

Pierre représente ces chrétiens, ces Églises, alourdis par la culpabilité, les

### EDITO ( Suite )

les niveaux de la FPMA. Ainsi, un Comité de Pilotage (Copil) a été établi pour mener à bien le Projet « Mpitandrina Matihanina » , désormais placé au cœur de nos priorités.. En ce moment décisif, exhortons-nous mutuellement à confier entièrement ce projet entre les mains bienveillantes de notre Père céleste, car il est bien écrit : « Remets ton sort au Seigneur, compte sur lui : il agira » (Psaume 37:5). Que chacun d'entre nous, comme un seul corps en Christ, s'engage pleinement dans cette œuvre collective.

Rappelons-nous l'adage : « Seul, on va plus vite ; ensemble, on va plus loin » . Cette unité d'action trouve son écho dans 1 Pierre 4:10, thème du Conseil Œcuménique des Églises (COE) pour le message pascal de cette année : « Que chacun de vous mette au service des autres le don qu'il a reçu. »

Unissons donc nos prières, nos forces et nos ressources pour la réussite de cette initiative. Humainement, elle peut paraître insurmontable, mais « à Dieu, tout est possible » (Matthieu 19:26).

Que cette œuvre magnifie Sa gloire et fortifie Son Église ! Dans l'espoir de notre engagement fervent, soyons tous pleinement bénis en Christ.

**Joyeuse Pâques à toutes et à tous !!!**

Pasteur Falimanana Raharindranto

## Le tombeau vide ... (suite)

blessures, ou des traditions figées qui freinent l'élan de la foi. Il voit les linges, il constate les faits, mais ne comprend pas encore. Il n'arrive pas à faire le pas de la foi.

**Le disciple bien-aimé :**

Un regard de foi Et l'autre disciple ?

Il entre… il voit… et il croit. Il reconnaît dans ce tombeau vide non pas l'absence, mais la présence mystérieuse du Ressuscité.

Il voit dans le silence de ce lieu la proclamation d'une victoire : celle du Vivant.

Comme au premier jour de la création, la lumière jaillit.

Le Christ ressuscité illumine nos obscurités : peur, solitude, division, chagrin, découragement. Il vient nous libérer de tout ce qui nous retient, de tout ce qui étouffe notre foi. Frères et sœurs, aujourd'hui le Ressuscité nous appelle.

Il nous dit : « Mon enfant, donne-moi ton cœur. » Ne restons pas enfermés dans nos tombeaux intérieurs. Levons les yeux vers Jésus, le Vivant.

La pierre est roulée, la lumière est là.

Christ est ressuscité, il est vraiment ressuscité. Alléluia !

Dr Seth Rasolondraibe




Photo de groupe " Repenser la FPMA " 22 février 2025

## « Affectionnez-vous aux choses d'en haut ... » (Colossiens 3:2a)

**1. La résurrection : fondement de l'espérance chrétienne**

**« Si donc vous êtes ressuscités avec Christ, recherchez les choses d'en haut, où Christ est assis à la droite de Dieu. »** (Colossiens 3:1)

Le Dieu que nous adorons est un Dieu vivant, triomphant de la mort par la résurrection glorieuse de Son Fils. Comme l'écrivait Jean Calvin dans l'Institution de la religion chrétienne : « La résurrection du Christ est la clef de voûte de notre foi, car elle atteste que la mort est vaincue et que la vie éternelle nous est acquise. » (Liv. II, chap. XVI). En effet, la Pâques chrétienne ne se réduit pas à un simple souvenir historique, mais elle est l'accomplissement de la promesse divine : « Je suis la résurrection et la vie. Celui qui croit en moi vivra, même s'il meurt. » (Jean 11:25).

Contrairement à Lazare, ressuscité pour un temps mais condamné

# « Affectionnez-vous aux choses d'en haut ... » (Suite)

à revêtir à nouveau la corruption, le Christ, « prémices de ceux qui sont morts » (1 Corinthiens 15:20), a brisé définitivement les chaînes du tombeau. Martin Luther soulignait avec force : « Par Sa résurrection, Christ a écrasé la tête du serpent et nous a libérés de la terreur de la mort. » (Sermon sur la Résurrection). Ainsi, la Pâques est l'aurore d'une vie nouvelle, où « le voile qui nous séparait de Dieu est déchiré » (Matthieu 27:51), ouvrant aux croyants l'accès aux réalités célestes.

**2. Chercher le Royaume : une vocation céleste**

**« Cherchez premièrement le royaume et la justice de Dieu... »** (Matthieu 6:33)

Dans le Notre Père , nous prions : « Que ton règne vienne. » Cette requête, comme le rappelait Calvin, « n'est pas une vaine formule, mais un engagement à soumettre toute notre existence à la souveraineté divine. » (Commentaire sur Matthieu).

Le Christ, assis à la droite du Père, exerce une autorité absolue (Matthieu 28:18), et Il nous appelle à être Ses coopérateurs dans l'avènement de Son règne.

Mais comment rechercher ce Royaume ? D'abord par une foi vivante, car, comme l'affirmait le réformateur Ulrich Zwingli : « La vraie piété ne réside pas dans les rites, mais dans une confiance totale en la grâce de Dieu. » Le Royaume commence dans le cœur régénéré du croyant, « temple du Saint-Esprit » (1 Corinthiens 6:19), avant de se déployer dans le monde. Nous sommes alors envoyés pour proclamer « la vérité qui libère » (Jean 8:32), non pas une sagesse humaine, mais « Christ, puissance et sagesse de Dieu » (1 Corinthiens 1:24).


**3. Une pensée renouvelée par les réalités d'en haut**

« Au reste, frères, que tout ce qui est vrai, honorable, juste, pur, aimable, vertueux et digne de louange, soit l'objet de vos pensées. » (Philippiens 4:8)

La résurrection transfigure notre regard. Le philosophe protestant Søren Kierkegaard écrivait : « La foi est un saut vers l'invisible, mais c'est aussi une lucidité qui discerne l'éternel dans le temporel. » ( Crainte et Tremblement ).

En effet, parce que l'homme est créé « à l'image de Dieu » (Genèse 1:27), nous devons chercher en chaque être les reflets de Sa gloire : justice, pureté, amour authentique.

L'apôtre Paul exhorte Timothée : « Sois un modèle... en parole, en conduite, en amour, en foi, en pureté. » (1 Timothée 4:12). Ces vertus ne sont pas le fruit de nos efforts, mais de l'œuvre sanctificatrice de l'Esprit. Comme le disait Luther : « Le chrétien est à la fois juste et pécheur – justifié par Christ, mais en lutte jusqu'à la pleine rédemption. » ( Disputatio de l'homme ). Ainsi, bien qu'encore pèlerins sur cette terre, nous goûtons déjà « les arrhes de l'héritage céleste » (Éphésiens 1:14).




**Conclusion : Pâques, promesse de notre résurrection**

La fête de Pâques n'est pas seulement une commémoration, mais une anticipation joyeuse. « Christ est ressuscité, et nous ressusciterons avec Lui » (1 Corinthiens 15:22).

Cette espérance, comme l'écrivait Calvin, « nous élève au-dessus des misères du monde, car nous savons que notre cité est dans les cieux. » (Commentaire sur Philippiens).

Ainsi, « affectionnons-nous aux choses d'en haut » (Colossiens 3:2), non par mépris de la terre, mais parce que, comme le disait le théologien Dietrich Bonhoeffer : « Celui qui a le ciel dans son cœur porte aussi la terre dans ses mains. »

Que cette Pâques renouvelle en nous la certitude que « notre vie est cachée avec Christ en Dieu » (Colossiens 3:3), en attendant le jour où « la mort sera engloutie dans la victoire. » (1 Corinthiens 15:54).

Pasteur Falimanana Raharindranto



Photo " Repenser la FPMA " 22 février 2025

# Paska famelan-keloka

**« Izy no ambaran'ny mpaminany rehetra, fa amin'ny anarany no hahazoan'izay rehetra mino Azy famelan-keloka.** » Asa 10.43

Faly miarahaba antsika nahatratra izao andro lehibe tokoa amin'ny finoana kristianina izao dia ny fankalazana ny Pasaka izay loharanom-pamonjena ho antsika sy mampatsiaro antsika ihany koa ny famelan-keloka notovozina teo amin'ny hazo fijalian'i Kristy. Sarobidy loatra ny famelan-keloka satria tsy zavatra voa-janahary ao amin'ny olombelona izy io. Maro ireo tsy mahay mamela heloka ka lasa mitahiry faka mangidy (Heb.12.15) ao am-po izay mitarika fankahalana ny hafa. Ny tsy fandraisana ny famelan-keloka avy amin'Andriamanitra koa dia miteraka fanamelohan-tena izay tonga vesatra mampitanondrika mba tsy hanana fanantenana ny amin'ny ho avy.

**1° Ao amin'i Jesosy ny famelan-keloka nampanantenain'ny Mpaminany :**

Raha jerena ny teny fototra avy amin'ny teny grika hilazana ny hoe : "ambaran'ny mpaminany" eto dia ahitana ilay matoateny hoe (martureo) izay adika hoe "mijoro vavolombelona".

Azo heverina izany fa hatramin'ny fotoan'andro niainany ireo mpaminany maro tahaka an'i Isaia (Is.53.11), i Jeremia (Jer.31.34), i Daniela (Dan.9.24)...sns dia efa nijoro vavolombelona ny famelan-keloka nomanin'Andriamanitra ho antsika ao amin'I Jesosy Kristy.

Notanterahiny teo amin'ny hazo fijaliana izany tamin'ny nandatsahany ny rày ka hoy izy : "Sotroinareo rehetra ity; fa ity no rako, dia ny amin'ny fanekena, izay alatsaka ho an'ny maro ho famelan-keloka." Mt.26.28

**2° Ny olona voavela heloka dia tsy manome tsiny ny lasa fa natsangana ho olom-baovao ao amin'ny Tompo**:

Ny famelan-keloka raisintsika amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy dia mahatonga antsika ho olom-baovao ka efa lasa tokoa ny zavatra taloha (1 Kor.5.17). Mety maro no manome tsiny ny tranga nampahory azy tamin'ny fahazazany. Ao no tezitra amin'ny fianakaviany, na ny havany noho ny ratram-po vokatry ny fifandonana tao anatin'ny fifaneraserana.

Mety misy koa aza manome tsiny an'Andriamanitra mihintsy amin'ny lalam-piainana nodiaviny sy ny fahoriana niharetany. Na dia mafy tokoa aza izany dia nisy tanan'Andriamanitra nitantana tao ary ny zavatra rehetra dia naira-niasa hahasoa tokoa (Rom.8.28) mba hahafantatra Azy sy hanome voninahitra Azy amin'ny zavatra rehetra.

Avelao ny lasa homba ny lasa fa efa naira- natsangana ho olom-baovao niaraka tamin'i Kristy ianao. Ny ho avy no banjino ka hoy ny Tompo aminao : "Ny amin'ny zavatra ho avy no anontanio Ahy; Ary ny zanako sy ny asan'ny tànako dia aoka ho adidiko ihany." Is.45.11




**3° Ny olona mahatsiaro voavela heloka dia mahay mamela heloka :**

Ao amin'izany fahatsapana fa mpanota voavela heloka izany no misy ny herin'ny famelan-keloka ahafahantsika mamela ny hafa ihany koa. Hoy Jesosy tamin'ny Toriteny nataony teny an-trendrombohitra :"Fa raha mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia mba hamela ny anareo kosa ny Rainareo Izay any an-danitra. Fa raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo." Mt.6.14-15.

Mangataka hery amin' Andriamanitra isika mba homeny fo mahay mamela heloka mba tsy hiambahama isika rehefa manao ilay vavaka manao nampianarin'ny Tompo manao hoe "Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay" Mt.6.12

Pasteur Henintsoa Rasolonjatovo






# FANDAHARANA  PASKA 2025

**FEON'ORGA**

**Mpitarika** : Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina.

**Fiangonana** : Amen

**ANTOKO MPIHIRA**

**FIFAMPIARAHABANA - FIANTSOANA**

**Hira : 140 ("Haleloia, Haleloia ! Miderà ny Tomponao")**

**VAVAKA FIHAONANA**

**SITRAPON'ANDRIAMANITRA**

**FIAIKEN-KELOKA**

**Mpitarika :** (Vavaka)

**Fiangonana :**

« Ry Rainay be Famindram-po ô, mitalaho aminao izahay ; Mamelà ny helokay ; Diovy izahay ho afa-pahotana ; Sasao izahay ho afa-keloka ; Ary havaozy ny fanahinay mba ho vonon-kanompo Anao. Ny fitiavan'i Jesosy Kristy Zanakao Mpamonjy anay no angatahanay Aminao. Amena. »

**Hira** : Ry Andriamanitra Tompo Ray any an-danitra ô, mamindrà fo aminay !
Ry Jesosy Tompo Mpamonjy izao tontolo izao, mamindrà fo aminay !
Ry Fanahy Masina Tomponay Mpampionona ô, mamindrà fo aminay !

**TENY FAMELAN-KELOKA SY FIHAVANANA**

**FANKALAZANA**

**Mpitarika** :Voninahitra any amin'ny Avo indrindra ho an'Andriamanitra

**Fiangonana** : Ary fiadanana ho ety ambonin'ny tany amin'ny olona ankasitrahany.

**Hira : 146, and. 1 sy 2 ("Anao ny dera ry Zanaky ny Ray")**

**FAMAKIANA NY TENIN'ANDRIAMANITRA**

**Hira : 133, and. 1, 2 sy 3 ("Efa namangy ny olony")**

**Mpitarika :** Ho aminareo anie ny Tompo

**Fiangonana :** Ary ho amin'ny fanahinao

**Mpitarika :** Vavaka noho ny Teny

**TESTAMENTA VAOVAO:** Asa. 10, 34 - 43

**EPISTILY :** Kolosiana 3, 1 - 4

**FILAZANTSARA :** Jaona 20, 1 - 8

**Fiangonana :** Isaorana anie ny Tompo noho ny Filazantsara !

**FANEKEM-PINOANA**

**Hira : 133, and. 4, 5 sy 6 ("Teniny tsy mba mivadika")**

**TORITENY**

**FEON'ORGA**

**FILAZAN-DRAHARAHA**

**RAKITRA**

**Hira : 138, F.F 26**

**Hira fanolorana :**

Ry Tompon'ny harena ô,
Fanatitra an-tsitrapo
Atolotray Anao izao ;
Mba raiso ka tahionao. Amena.

**FANDRAISANA NY FANASAN'NY TOMPO**

**Hira : 141, and. 1, 4 sy 5 ("Efa resy izao na dia ny fasana aza")**

**Mpitarika :** Ho aminareo anie ny Tompo ! Aoka hizara ny fiadanana isika

**Fiangonana :** Ho aminao anie ny Tompo !

Ary ho aminao koa

**SURSUM CORDA** (Mitsangana)

**Mpitarika :** Asandrato ny fonareo ho eo amin'ny Tompo

**Fiangonana :** Asandratray ny fonay ho eo amin'ny Tompo

**Mpitarika** : Aoka ho deraintsika ny Tompo Andriamanitra

**Fiangonana :** Mendrika ho deraina Izy

**PRÉFACE** (Mitsangana)

**Mpitarika** : Eny tokoa Tompo o, Ray Masina, Andriamanitra mandrakizay, mahefa ny zavatra rehetra, mety sy mahavonjy ny isaoranay anao amin'ny fotoana rehetra sy amin'ny toerana rehetra amin'ny alalan'i Jesoa Kristy Tomponay, izay tia anay sy nanolo-tena hamonjy anay ; amin'ny alalany koa no ideran'ny anjely ny fiandriananao sy itsaohan'ny fanapahana sy ny fahefana rehetra anao amin'ny tahotra ary iarahan'ny fiangonana any an-danitra sy ety an-tany midera ny anaranao amin'ny fihobiana ary izahay koa ankehitriny miara-manandratra ny feonay aminy, ka amin'ny fanajana lehibe no ideranay hoe :

**Hira : Antema 1 ( Sanctus )**

Masina ! Masina ! Masina Jehovah Tompo ! Feno ny voninahitrao izao rehetra izao ry Tompo ô ! Amena

**VAVAKA :** ( Fisaorana, Anamnèse, Epiclèse ) (Mipetraka)

Mpitarika : Ry kristiana malala, aoka isika hahatsiaro an'i Jesoa Kristy izay maty nisolo antsika sy nitsangana ho fanamarinana antsika, dia fanati-pihavanana natolotr'Andriamanitra antsika, ary aoka isika hiara-misaotra sy hivavaka :

Misaotra Anao izahay Andriamanitra Rainay, Tompon'ny lanitra sy ny tany, fa noho ny famindram-ponao aminay mpanota mahantra, dia nomenao ny Zanakao Lahy Tokana, mba tsy ho very izay rehetra mino Azy fa hanana fiainana mandrakizay.

**Fiangonana :** Efa maty Kristy, efa nitsangana Kristy ary ho avy amim-boninahitra.

**Mpitarika :** Noho izany ry Tompo, Rainay any an-danitra ô, indreto izahay manao eto anatrehanao ny fahatsiarovana ny fahatongavan'ny Zanakao ho olona, ny fijaliany sy ny fahafatesany, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fiakarany tamim-boninahitra sy ny fifonany mandrakizay ho anay, ka miandry sy mitalaho ny fiverenany izahay.

**Fiangonana :** Amena, avia Jesoa Tompo !

**Mpitarika :** Ankehitriny, Ray ô, aidino ny Fanahy Masina mba hameno ny fonay ka handraisanay tokoa ny Tomponay amin'ny finoana velona amin'izao izy manatona anay amin'izao fanasana izao. Fa ny Fanahy Masina no aharianao, amelomanao, anamasinanao ary anomezanao anay ny zava-tsoa rehetra.

**Fiangonana :** Amena, avia Fanahy Masina !

**Mpitarika :** Misaotra Anao izahay ry Jeso Kristy Tompo ô ! Midera ny Anaranao izahay ry Zanak'Andriamanitra Lahy Tokana Mpamonjy anay ! Ankalazaina anie Hianao noho ny fitiavanao izay mahery noho ny fahafatesana. Ary izahay izay tonga eto anatrehanao hiombona amin'ny latabatrao dia mangataka mba hampiraisonao Aminao, ohatrin'ny sampana amin'ny voaloboka. Ampianaro hifankatia tahaka ny nitiavanao anay izahay, ary aoka izahay hiara-manana amin'ny fiangonana masina manontolo ny fiononana sy ny fifaliana Aminao, dia Hianao izay miara-manjaka amin'ny Ray sy ny Fanahy Masina hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay.

**Fiangonana :** AMENA !

**TENY FANORENANA SY FANAMASINANA** (Mitsangana)

**Mpitarika** : Jeso Kristy Tompo tamin'ny alina izay namadihana Azy dia nandray ny mofo, ary rehefa Nisaotra Izy dia novakiany ka hoy Izy :

« Raiso, hano, ity ny tenako izay omena ho anareo, izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Ary toy izany koa ny kapoaka rehefa nihinana, dia hoy Izy :

« Misotroa amin'ity hianareo rehetra, fa ity no rako dia ny amin'ny fanekena vaovao izay alatsaka ho an'ny rehetra ho famelan-keloka. Koa na oviana na oviana no misotro hianareo, dia izao no ataovy ho fahatsiarovana Ahy. »

Misaotra ny Ray, izay nampahamendrika antsika hanana anjara amin'ny lovan'ny olona masina eo amin'ny mazava. Amena.

**Hira : 117 (Agnus Dei)**

**Mpitarika** : Efa nandray ny Fanahy maha-zanak'Andriamanitra antsika isika, koa izany no hahafahantsika manatona ny Ray, hoe

**Fiangonana** : (Vavaka nampianarin'ny Tompo)

**FANASANA**

**Mpitarika :** Ny mofo izay vakiantsika dia firaisana amin'ny Tenan'i Jeso Kristy Tompontsika.

Ny kapoaky ny fisaorana izay isaorantsika dia firaisana amin'ny ran'i Jeso Kristy Tompontsika.

Hoy ny Tompo : Andeha, efa voavotra avokoa ny zavatra rehetra !

**FANDRAISANA : 135, 167**

**TENY FAMPAHEREZANA** (mitsangana)

Mpitarika : Jeso Kristy Tompontsika izay voahombo tamin'ny hazo fijaliana ka nitsangana tamin'ny maty no efa nanome anareo ny Tenany sy ny Rany izay nanavotany anareo tamin'ny fahotana rehetra, Izy anie hampahery sy hiaro anareo amin'izany amin'ny finoana marina ho fahasambarana mandrakizay. Ho aminareo anie ny fiadanana !

**Fiangonana** : AMENA

**Hira** : **266 (« Ry Jeso Tompo, Hianao »)**

VAVAKA FISAORANA SY FANGATAHANA

**HAFATRA SY TSODRANO**

**Hira : 142, and. 1 sy 2 ("Tafatsangana tokoa")**

**Mpitarika :** Ho aminareo anie ny Tompo.

**Fiangonana :** Ary ho amin'ny fanahinao.

**TSODRANO**

**Hira : 142, and. 4 ("Haja, laza aterinay")**

**Mpitarika :** Voninahitra ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina izay hatramin'ny taloha indrindra ka ho mandrakizay. Amena.

Mandehana amin'ny fiadanana, ka manompoa ny Tompo !

**Fiangonana :** ISAORANA ANIE ANDRIAMANITRA !

**FEON'ORGA FIRAVANA**